# Faites votre part de tout votre cœur

Par Dieter F. Uchtdorf
*du collège des douze apôtres*

# Ataovy amin'ny fonao manontolo ny anjara adidinao

Nataon'ny Loholona Dieter F. Uchtdorf
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

Conférence générale d'octobre 2025

*Faites confiance au Sauveur et engagez-vous, patiemment et diligemment, à faire votre part de tout votre cœur.*

*Matokisa ny Mpamonjy ary manolora tena amim-paharetana sy amim-pahazotoana amin'ny fanaovana ny anjara adidinao amin'ny fonao manontolo.*

L'année dernière, lors d'un voyage en Europe, j'ai revisité mon ancien lieu de travail, la compagnie aérienne allemande Lufthansa, à l'aéroport de Francfort.

Tamin'ny herintaona nandritra ny dia iray nankany Eorôpa dia nitsidika ny toerana niasako taloha aho, ny orinasam-pitaterana an'habakabaka alemana Lufthansa ao amin'ny seranam-piaramanidin'i Francfort.

Pour former ses pilotes, la compagnie utilise plusieurs simulateurs de vol sophistiqués, capables de reproduire fidèlement les mouvements et de recréer presque toutes les situations de vol normales ou d'urgence. Durant mes nombreuses années en tant que commandant de bord, je devais, tous les six mois, effectuer un vol de contrôle sur le simulateur pour conserver ma licence de pilote. Je me souviens bien de ces moments intenses de stress et d'anxiété, mais aussi du sentiment d'accomplissement après avoir réussi le test. À l'époque, j'étais jeune et j'aimais relever ces défis.

Mba hanofanana ireo mpanamory ao aminy, dia mampiasa fitaovam-panazarana fanamoriana voromby avo lenta afaka mihetsika tanteraka maro izy ireo izay afaka mamerina mamorona ny ankabeazan'ireo toe-javatra iainana mandritra ny sidina toa ny mahazatra sy rehefa misy voina tampoka. Nandritra ireo taona maro naha-kapiteny ahy tao amin'ny zotram-piaramanidina, dia tsy maintsy nanao fanaraha-maso ny fahaizana manamory fiaramanidina tao amin'ilay fitaovam-panazarana fanamoriana voromby isaky ny enim-bolana aho mba hampanan-kery hatrany ny fahazoan-dàlana ahafahako manamory fiaramanidina.Tadidiko tsara ireo fotoana ireo izay nahatsapana ahiahy sy tebiteby mafy, kanefa koa nahatsapana fahombiazana rehefa afaka tamin'ilay fitsapam-pahaizana. Tanora aho tamin'izany ary tiako ilay fanamby.

Lors de ma visite, un dirigeant de Lufthansa m'a demandé si je souhaitais retenter l'expérience et reprendre les commandes du simulateur de vol d'un 747.

Nandritra ny fitsidihako, dia nanontany ahy ny iray tamin'ireo tompon'andraikitra ao amin'ny Lufthansa raha toa aho ka te hanandrana indray ka hanamory ilay fitaovam-panazarana fanamoriana 747 indray mandeha.

Avant même d'avoir eu le temps de réfléchir à la question, j'ai entendu une voix, étonnamment semblable à la mienne, répondre : « Oui, ça me ferait très plaisir. »

Raha tsy mbola tonga saina tsara ny momba ilay fanontaniana akory aho dia nahare feo—izay mahagaga fa mitovy be amin'ny feoko—niteny hoe: "Eny, tena ho tiako be izany".

Aussitôt, un véritable tsunami de pensées m'a envahi. Cela faisait longtemps que je n'avais pas piloté de 747. Autrefois, j'étais un jeune commandant de bord sûr de lui. Maintenant, je devais honorer ma réputation d'ancien commandant de bord en chef. Allais-je me ridiculiser devant ces professionnels ?

Mais il était trop tard pour faire marche arrière. Je me suis installé dans le siège du commandant, j'ai posé les mains sur ces commandes familières que j'aimais tant, et j'ai ressenti à nouveau l'extase de l'envol alors que le gros porteur rugissait sur la piste et s'élançait vers l'immensité bleue.

Je suis heureux de pouvoir vous dire que le vol a été une réussite, l'appareil est resté intact, tout comme l'image que j'ai de moi.

Malgré tout, cette expérience a été pour moi une leçon d'humilité. À l'époque où j'étais au sommet de ma carrière, voler était presque devenu une seconde nature. Aujourd'hui, il me faut toute ma concentration pour accomplir les gestes de base.

## Mener une vie de disciple demande de la discipline

Cette expérience dans le simulateur de vol m'a rappelé une vérité essentielle : la maîtrise de n'importe quel domaine, que ce soit le pilotage, l'aviron, le jardinage ou le savoir, exige de la discipline personnelle constante et une pratique régulière.

On peut passer des années à acquérir une compétence ou un talent. On peut travailler dur au point que cela devienne une seconde nature. Mais si l'on pense pouvoir cesser de s'exercer et d'étudier, on perd progressivement les connaissances et les capacités acquises à grand prix.

Cela vaut pour les compétences, comme l'apprentissage d'une langue, la pratique d'un instrument de musique ou le pilotage d'un avion de ligne. Et cela vaut tout autant pour le fait de devenir un disciple du Christ.

Vantany vao niteny ireo teny ireo aho dia nisy eritreritra be dia be nitobaka tao an-tsaiko. Tena efa ela aho no tsy nanamory 747. Kapiteny tanora sy natoky tena aho tamin'izany. Amin'izao aho dia fanta-daza ho mpanamory ikoizana efa tsy am-perinasa intsony. Moa ve aho hanala baraka tena eo anatrehan'ireo matihanina ireo?

Saingy efa tara loatra tamin'izay ka tsy afaka niova hevitra intsony, ka dia nipetraka teo amin'ny sezan'ny kapiteny aho, nametraka ny tanako teo amin'ireo fibaikoana efa mahazatra sy tena tiako, ary nahatsapa indray ilay fifaliana lehibe eny am-panidinana rehefa nirohondrohona nandeha teo amin'ny làlana iny ilay fiaramanidina lehibe ka niainga niditra tao amin'ilay lanitra mangamanga hivoaka ho any amin'ny habakabaka malalaka.

Faly aho milaza fa nahomby ilay sidina, tsy nisy fahasimbana tamin'ilay fiaramanidina, ary tsy afa-baraka ny tenako.

Na izany aza anefa dia nampanetry tena ahy ilay zavatra niainako. Fony aho mbola tanora sy natanjaka tsara dia zavatra nahazatra sy nandeha ho azy tamiko ny manamory fiaramanidina. Amin'izao fotoana izao kosa dia mitaky ny fifantohako rehetra ny manao ireo zavatra fototra.

## Mila fifehezan-tena ny maha-mpianatra

Ny zavatra niainako tao amin'ilay fitaovam-panazarana fanamoriana voromby dia fampahatsiahivana manan-danja fa ny fiezahana hahay zavatra iray, na inona izany na inona—na fanamoriana fiaramanidina izany, na fivoizana lakana, na famafazam-boa, na ny fahafantaran-javatra—dia mitaky fifehezan-tena sy fanazaran-tena tsy tapaka.

Mety handany taona maro ianao mba hahazoana fahaiza-manao na hampivoarana talenta iray. Mety hiasa mafy tokoa ianao ka ho lasa toa ny zavatra efa mahazatra sy mandeha ho azy aminao izany. Saingy raha mihevitra ianao fa ny dikan'izany dia hoe afaka mijanona tsy manao fanazaran-tena sy tsy mianatra intsony ianao, dia hihavery tsikelikely ny fahalalana sy ny fahaizana azonao taloha izay novidianao lafo.

Voakasik'izany ireo fahaiza-manao toa ny fianarana fiteny, fitendrena zava-maneno, ary ny fanamoriana fiaramanidina. Voakasik'izany koa ny fahatongavana ho mpianatr'i Kristy.

Pour faire simple, mener une vie de disciple demande de la discipline personnelle.

Ce n'est pas une démarche occasionnelle ni le fruit du hasard.

La foi en Jésus-Christ est un don, mais recevoir ce don est un choix conscient qui exige que nous nous engagions de tout notre « pouvoir, de toute [notre] pensée et de toute [notre] force». Cela demande une pratique quotidienne, heure après heure. Cela demande un apprentissage constant et un engagement déterminé. Notre foi, c'est à dire notre loyauté envers le Sauveur, se renforce lorsqu'elle est mise à l'épreuve par l'opposition que nous rencontrons dans la condition mortelle. Elle résiste parce que nous continuons de la nourrir, nous continuons de l'exercer activement, et nous n'abandonnons jamais.

D'un autre côté, si nous n'utilisons pas la foi et son pouvoir de persuasion en agissant en conséquence, nous devenons moins sûrs de ce que nous tenions autrefois pour sacré, moins confiants dans ce que nous savions être vrai.

Des tentations qui ne nous auraient jamais attirés commencent à paraître moins révoltantes et plus séduisantes.

Le feu du témoignage d'hier ne peut nous réchauffer que pendant un certain temps. Il doit être constamment nourri pour que sa flamme reste vive.

Dans le Nouveau Testament, le Sauveur enseigne une parabole à propos d'un maître qui confie à chacun de ses serviteurs une responsabilité sacrée : une somme d'argent qu'on appelait « talents ». Les serviteurs qui utilisent leurs talents avec diligence les font fructifier. Celui qui enfouit son talent finit par le perdre.

La leçon ? Dieu nous donne des dons — sous forme de connaissance, de capacités, de possibilités — et il veut que nous les utilisions et les développions afin qu'ils soient une bénédiction pour nous et pour ses autres enfants. Cela ne se produit pas si nous les rangeons en haut d'une étagère, comme un trophée que nous admirons de temps en temps. Nos dons ne se développent et ne se multiplient que lorsque nous nous en servons.

## Vous avez des dons

Raha lazaina amin'ny fomba tsotra dia mitaky fifehezan-tena ny maha-mpianatra.

Tsy ezaka tsotra izany ary tsy tongatonga ho azy eny fotsiny.

Fanomezam-pahasoavana ny finoana an'i Jesoa Kristy,kanefa ny fahazoana izany dia safidy atao amim-pahatsiarovan-tena izay mitaky fanolorana ny "herin[tsika], ny sain[tsika] ary ny tanja[tsika]" rehetra.Fampiharana atao isan'andro izany. Isan'ora. Mitaky fianarana sy fanolorantena tsy tapaka sy amim-pahavononana izany. Lasa mihamatanjaka ny finoantsika sy ny fahatokiantsika ny Mpamonjy rehefa sedraina amin'ny fanoherana atrehantsika eto amin'ny fiainana an-tany. Maharitra izany satria manohy mikolokolo izany isika,manohy mampihatra izany amim-pahavitrihana isika, ary tsy milavo lefona mihitsy isika.

Etsy an-kilan'izany, raha tsy mampiasa finoana sy ny heriny mandresy lahatra isika, amin'ny alalan'ny fampiharana azy, dia lasa misalasala isika ny amin'ireo zavatra izay noraisintsika ho masina teo aloha—tsy dia matoky ireo zavatra izay fantatsika teo aloha fa marina.

Ireo fakam-panahy izay tsy ho nahasarika antsika mihitsy dia manomboka lasa tsy dia mampatahotra firy ary lasa mahasarika kokoa.

Ao anatin'ny fotoana voafetra ihany no ahafahan'ny afon'ny fijoroana ho vavolombelona nananantsika taloha mampiredareda ny finoantsika. Mila fikolokoloana tsy tapaka izany mba hampiredareda azy hatrany.

Ao amin'ny Testamenta Vaovao ny Mpamonjy dia nampianatra fanoharana momba ny mpampiasa iray izay nanome andraikitra masina hosahanin'ny mpanompony tsirairay avy—vola voafaritra antsoina hoe talenta. Ireo mpanompo izay nampiasa tamim-pahazotoana ny talentany dia nampitombo izany. Ilay mpanompo nanafina ny talentany dia namoy izany tamin'ny farany.

Inona no lesona tsoahina avy amin'izany? Manome antsika fanomezam-pahasoavana Andriamanitra—dia ny fahalalana, fahaizana, fahafahana hanao zavatra—ary tiany isika hampiasa sy hampitombo azy ireny mba hahafahan'izany mitahy antsika sy mitahy ireo zanany hafa. Tsy mitranga izany raha apetratsika eny ambony talantalana toa ny amboara izay deraintsika tsindraindray eny fotsiny izy ireny. Tsy mihalehibe sy mitombo isa ireo fanomezam-pahasoavana azontsika raha tsy rehefa ampiasaintsika.

## Manan-talenta ianao

Vous pourriez me dire : « Frère Uchtdorf, je n'ai aucun don ni talent, du moins aucun qui ait vraiment de la valeur. » Peut-être regardez-vous d'autres personnes, dont les dons sont évidents et impressionnants, et vous vous sentez ordinaire en comparaison. Vous imaginez peut-être que, dans l'existence prémortelle, lors du grand banquet de distribution des dons et des talents, votre assiette était tristement vide, comparée aux platées débordantes des personnes qui vous entouraient.

Mety hiteny ianao hoe: "Ka izao anie ry Loholona Uchtdorf e! Tsy manana fanomezam-pahasoavana na talenta aho—ary raha manana aza, dia tsy misy ilana azy firy izany". Angamba ianao mijery ireo olona hafa manana fanomezam-pahasoavana hita mibaribary sy mahatalanjona dia mahatsapa ho olona tsy miavaka raha ampitahaina amin'izy ireo. Mety hihevitra ianao fa fony tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana, tamin'ny andro nandrosoana ny hanim-pitolohan'ny fanomezam-pahasoavana sy talenta tena tsara, dia toa zara raha nisy teo an-dovianao—indrindra fa raha ampitahaina amin'ny lovian'ny hafa izay sesehena sy nitobaka.

Oh, comme j'aimerais vous prendre dans mes bras et vous faire comprendre cette grande vérité : vous êtes un être de lumière béni, l'enfant spirituel d'un Dieu infini ! Vous portez en vous un potentiel qui dépasse votre imagination.

Raha mba afaka mamihina anao mantsy aho ary manampy anao hahatakatra ity fahamarinana lehibe ity: olona voatahy manana fahazavana ianao, zanaka ara-panahin' Andriamanitra tsy manam-petra! Ary ianao dia mitondra ao anatinao fahafaha-manao zavatra izay tsy takatry ny sainao ny halehibeny.

Comme l'ont dit des poètes, vous êtes venus sur terre « en traînant des nuées de gloire» !

Ny mpanoratra tononkalo dia nilaza fa tonga eto an-tany "mitaritarika sombin-drahon'ny voninahitra" ianao!

Vos origines sont divines. Votre destinée l'est aussi. Vous avez quitté le ciel pour venir ici, mais le ciel ne vous a jamais quitté !

Avy amin' Andriamanitra ny tantara niandohanao, ary toa izany koa ny hiafaranao. Nandao ny lanitra ianao mba ho tonga ety, kanefa tsy mbola nandao anao ho irery ny lanitra!

Vous êtes tout sauf ordinaire.

Olona miavaka ianao.

Vous avez des dons !

Manan-talenta ianao!

Dans les Doctrine et Alliances, Dieu a déclaré :

Manambara Andriamanitra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fa:

« Car il y a de nombreux dons, et chacun reçoit un don par l'Esprit de Dieu.

"Misy maro ireo fanomezam-pahasoavana, ary ny olona tsirairay dia omen'ny Fanahin' Andriamanitra fanomezam-pahasoavana iray.

« Les uns en reçoivent un et les autres en reçoivent un autre, afin que tous en profitent. »

"Ny sasany dia omena iray, ary ny hafa dia omena iray hafa mba hahazo tombontsoa amin'izany ny rehetra".

Certains de nos dons sont mentionnés dans les Écritures. Beaucoup d'autres ne le sont pas.

Voatanisa ao amin'ny soratra masina ny sasany amin'ireo fanomezam-pahasoavana omena antsika. Fa ny ankamaroany dia tsy voatanisa ao.

Comme le prophète Moroni l'a dit : « Ne [niez pas] les dons de Dieu, car ils sont nombreux ; et ils viennent du même Dieu. » Ils peuvent se manifester « de différentes façons ; mais c'est le même Dieu qui opère tout en tous».

Araka ny voalazan'ny mpaminany Môrônia hoe: "[Aza mandà] ireo fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra, satria maro ireo; ary avy amin' Andriamanitra iray ihany ireo". Mety hiseho amin'ny "fomba samihafa [izy ireny] … ; nefa Andriamanitra iray ihany no miasa ao amin'izy rehetra".

Nos dons spirituels ne sont pas toujours spectaculaires, mais cela ne signifie pas qu'ils sont moins importants. Je vais vous en énoncer quelques-uns que j'ai remarqués chez de nom-

Mety ho marina fa tsy hita mibaribary ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy ananantsika, saingy tsy midika izany fa latsa-danja izy ireny. Moa ve azoko atao ny mizara aminareo

breux membres à travers le monde. Demandez-vous si vous avez reçu l'un de ces dons :

faire preuve de compassion ;
remarquer les personnes qu'on oublie facilement ;
trouver des raisons d'être joyeux ;
être un artisan de paix ;
remarquer les petits miracles ;
faire des compliments sincères ;
pardonner ;
se repentir ;
persévérer ;
expliquer les choses simplement ;
interagir positivement avec les enfants ;
soutenir les dirigeants de l'Église ;

savoir inclure tout le monde.

Ces dons ne seront peut-être pas exposés lors de la prochaine soirée de talents de votre paroisse. Mais j'espère que vous voyez à quel point ils sont précieux dans l'œuvre du Seigneur et comment, grâce à eux, vous avez pu édifier l'un des enfants de Dieu, être une bénédiction pour lui ou même le sauver. Souvenez-vous que « c'est par des choses petites et simples que de grandes choses sont réalisées».

Alors, faisons tous notre part, aussi petite soit-elle.

## Faites votre part

Mes chers frères et sœurs, chers amis, je prie pour que l'Esprit vous aide à reconnaître les dons et les talents que Dieu vous a accordés. Ensuite, comme les serviteurs fidèles de la parabole du Seigneur, faisons-les fructifier et magnifions-les.

Le jour viendra où nous nous tiendrons devant un Père céleste compatissant pour rendre compte de notre intendance. Il voudra savoir ce que nous avons fait des dons qu'il nous a confiés, en particulier, comment nous les avons utilisés pour être une bénédiction pour ses enfants. Dieu sait qui nous sommes réellement, qui nous sommes destinés à devenir, et c'est pour cela qu'il attend beaucoup de nous.

fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy izay tsikaritro amin'ny mpikambana maro manerana izao tontolo izao? Saintsaino raha toa ka manana ny iray amin'ireto fanomezam-pahasoavana ireto na mihoatra izany ianao:

Fanehoana fangorahana.
Fahitana ireo olona tsy misy miraharaha.

Fahitana antony hifalifaliana.
Fijoroana ho mpampihavana.
Fahitana ireo fahagagana bitika.
Fandokafana olona tena an-kitsim-po.
Famelana heloka.
Fibebahana.
Faharetana.
Fanazavana zavatra amin'ny fomba tsotra.
Fifandraisana amin'ny zanaka na ny ankizy.
Fanohanana ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana.
Fanampiana ny hafa mba hahatsapany fa manana ny toerany izy ireo.

Mety tsy hahita ireo fanomezam-pahasoavana ireo haseho any amin'ny fampisehoana talenta eo anivon'ny paroasy ianao. Antenaiko kosa anefa fa hitanao ny hasarobidin'izy ireny amin'ny asan'ny Tompo sy ny fomba mety nikasihanao, na nitahianao, na namonjenao mihitsy aza ny iray amin'ireo zanak' Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana anananao. Tadidio fa: "Amin'ny alalan'ny zava-madinika sy tsotra no anatanterahana ny zavatra lehibe".

Koa andao isika tsirairay avy hanao ny anjara asa kelintsika.

## Ataovy ny anjara adidy kelinao

Ry rahalahy sy anabavy malalako, ry namana malala, mivavaka aho mba hanampian'ny Fanahy anareo hahafantatra ireo fanomezam-pahasoavana sy talenta nomen' Andriamanitra anareo. Ary andeha isika, tahaka ireo mpanompo mahatoky tao amin'ilay fanoharan'ny Tompo, hampitombo sy hanatsara azy ireny.

Ho avy ilay andro izay hijoroantsika eo anoloan'ny Raintsika any An-danitra be fangorahana hanaovantsika tatitra ny fitantanan-draharaha nataontsika. Ho tiany ny hahafantatra izay nanaovantsika ireo fanomezam-pahasoavana nomeny antsika—indrindra fa ny fomba nampiasantsika izany mba hitahiana ireo zanany. Fantatr' Andriamanitra hoe iza marina isika, novolavolaina ho tonga olona manao ahoana isika, ka noho izany dia miandry zavatra be dia

Mais il n'attend pas de nous un acte grandiose, héroïque ou surhumain pour y parvenir. Dans le monde qu'il a créé, la progression se produit pas à pas et avec patience, mais aussi constamment et sans relâche.

Souvenez-vous que c'est Jésus-Christ qui a déjà fait la partie surhumaine en triomphant de la mort et du péché.

Notre rôle est de suivre le Christ. C'est à nous de nous détourner du péché, de nous tourner vers le Sauveur, et de marcher sur son chemin, un pas à la fois. Quand nous le faisons avec diligence et fidélité, nous finissons par nous libérer des chaînes de nos imperfections et de nos fautes, et nous nous affinons peu à peu, jusqu'au jour parfait où nous serons rendus parfaits en Christ.

Les bénédictions sont à notre portée. Les promesses sont là. La porte est grande ouverte. C'est à nous de choisir d'entrer et de commencer.

Le début sera peut-être modeste. Mais ce n'est pas grave.

Là où la foi est faible, commencez par avoir l'espérance en Jésus le Christ, et en son pouvoir de purifier et de sanctifier.

Notre Père nous demande de relever ce défi d'avoir la foi et d'être des disciples non pas comme des touristes nonchalants, mais comme des croyants sincères qui laissent derrière eux et abandonnent Babylone, et tournent leur cœur, leur esprit et leurs pas vers Sion.

Nous savons que nos efforts seuls ne suffiront pas à nous rendre célestes. Mais nos efforts peuvent faire de nous des disciples loyaux et engagés envers Jésus, le Christ, car c'estluiqui peut nous rendre célestes.

Grâce à notre Sauveur bien-aimé, il n'existe pas de situation sans issue. Si nous plaçons notre espérance et notre foi en lui, la victoire nous est assurée. Il nous promet d'accéder à sa force, à son pouvoir, à sa grâce abondante. Pas à pas, petit à petit, nous nous rapprocherons de ce grand jour parfait où nous vivrons avec lui et nos êtres chers dans la gloire éternelle.

be amintsika Izy.

Saingy tsy miandry antsika hanao vikina lehibe, na toa ny fanaon'ny olona be herim-po, na mihoatra izay vitan'ny olombelona Izy mba hahavitantsika izany. Ao amin'ny tontolo nohariany, dia mitranga tsikelikely sy amim-paharetana ny fivoarana—kanefa mitohy tsy tapaka sy amim-pahatapahan-kevitra.

Tsarovy fa i Jesoa Kristy no efa nanao ilay anjara tsy vitan'olombelona rehefa nandresy ny fahafatesana sy ny fahotana Izy.

Manara-dia an'i Kristy no anjarantsika. Anjarantsika ny miala amin'ny fahotana, mitodika amin'ny Mpamonjy, ary mandeha amin'ny lalany, manao dingana iray isaky ny mandeha. Rehefa manao izany amim-pahazotoana sy amim-pahatokiana isika, dia manaisotra ny gadran'ny tsy fahatanterahana sy ny fahadisoana any aoriana any ary ho lasa madio tsikelikely mandra-pahatonga izany andro lavorary izany izay hahatanterahana antsika ao amin'i Kristy.

Afaka ny ho azo ireo fitahiana. Efa mipetraka ireo fampanantenana. Mivoha midanadana ny varavarana. Safidintsika ny miditra sy manomboka.

Mety hanomboka amin'ny zavatra kely ianao. Fa tsy maninona izany.

Raha marefo ny finoana dia atombohy amin'ny fanantenana ao amin'i Kristy Jesoa sy ny heriny mba hanadio sy hanarina.

Mangataka antsika ny Raintsika mba tsy hiatrehantsika io fizahan-toetra ny finoana sy ny maha-mpianatra io toa ny mpizaha tany tsotra, fa ny mba hiatrehantsika izany toa ny mpino manolo-tena marina, izay mandao an'i Babylôna ary mampitodika ny fony sy ny sainy ary ny diany mankany Ziona.

Fantatsika fa tsy hahatonga antsika ho selestialy velively raha ny ezaka ataontsika fotsiny ihany. Saingy afaka mahatonga antsika ho mahatoky sy manolo-tena ho an'i Jesoa Kristy izy ireny, aryIzydia afaka mahatonga antsika ho selestialy.

Noho ny Mpamonjy malalantsika dia tsy misy izany toe-javatra tsy ahatafavoahana ho mpandresy izany. Raha mametraka ny fanantenantsika sy ny finoantsika ao Aminy isika, dia azo antoka ny fandresentsika. Mampanantena antsika hahazo ny tanjany sy ny heriny ary ny fahasoavany sesehena Izy. Hanakaiky kokoa hatrany tsikelikely izany andro lehibe sy amin'ny mitataovovonan'ny andro izany isika izay hiarahantsika mitoetra Aminy sy ireo olon-tiantsika ao

Pour y parvenir, nous devons faire notre part aujourd'hui et chaque jour. Nous sommes reconnaissants pour les pas que nous avons faits hier, mais nous ne nous arrêtons pas là. Nous savons qu'il reste encore beaucoup de chemin à parcourir, mais nous ne laissons pas cela nous décourager.

C'est l'essence de ce que nous sommes lorsque nous suivons le Christ.

Je vous exhorte, vous, tous les membres de l'Église, ainsi que tous ceux qui veulent en faire partie, à faire confiance au Sauveur et à vous engager, patiemment et diligemment, à accomplir votre part de tout votre cœur, et je vous bénis pour que vous y parveniez, afin que votre joie soit complète et qu'un jour, vous receviez tout ce que le Père a. J'en témoigne au nom de Jésus-Christ. Amen.

amin'ny voninahitra mandrakizay.

Mba hahatongavana any dia tsy maintsy manao ny anjarantsika isika androany sy isan'andro. Feno fankasitrahana ny amin'ireo dingana nataontsika teo aloha isika, kanefa tsy mijanona hatreo. Fantatsika fa mbola lavitra ny lalana, izay halehantsika, kanefa tsy avelantsika hanakivy antsika izany.

Izany no toetra manan-danja maha-isika antsika amin'ny maha-mpanara-dia an'i Kristy antsika.

Mamporisika mafy sy mitsodrano ny mpikambana tsirairay ato amin'ny Fiangonana aho, ary ireo rehetra izay maniry ny ho mpikambana, mba hatoky ny Mpamonjy ary hanolo-tena amim-paharetana sy amim-pahazotoana amin'ny fanaovana ny anjara adidinao amin'ny fonao manontolo—mba ho feno ny fifalianao ary, indray andro any, handray izay rehetra ananan'ny Ray ianao.Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.